**BASIKETY BAOLINA N1 A TANY TOAMASINA**

# Nahery ny ekipan'ny Mb2All vehivavy sy Cospn lehilahy

Nifarana tamin'ny alahady 22 mey 2022 tao amin'ny kianja mitafon'i Soavita Toamasina faritra Atsinanana, ireo fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara N1A lahy sy vavy dia ny "Coupe Phase 1 N1 A Dame 2022", sy ny "Coupe Conférence Est N1 A Hommes 2022".
Nibata ny fandresena ka nahazo ny amboara sy ny lelavola 1.100.000 Ar avy, natolotry ny M-Vola ny ekipan'ny Mb2All Analamanga vehivavy sy ny Cospn Analamanga lehilahy.
Ireo filaharan'ireo ekipa 4 voalohany avy :
Sojaky vehivavy
-4ème Place: TAMIFA Amoron'i Mania (400.000 Ar)
-3ème Place: Ankaratra Vakinankaratra (600.000 Ar)
-Vice Championne: COSPN2 Atsinanana nahazo (900.000 Ar)
-Championne: MB2ALL Analamanga (1.100.000 Ar)
Sokajy lehilahy
-4ème Place: AS Fanalamanga Alaotra Mangoro (400.000 Ar).
-3ème Place: COSFA Analamanga (600.000 Ar).
-Vice Champion: ASCUT Atsinanana (900.000 Ar).
-Champion: COSPN Analamanga (1.100.000 Ar).
Notoloran'ny FMBB « Federasiôna Malagasy de Basketball » baolina filalaovana, ny Ligim-paritry ny basiketin'Atsinanana, taorianan'ireo lalao famaranana roa natao tamin'io alahady io.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Cospn lehilahy.*

**Lalao ara-pirahalahiana IO'Renala tany Morondava**

# Nahazo fanazaran-tena tsara ny Barea Beach Soccer

Azo ambara fa nahazo fanazaran-tena tsara ny Barea Beach Soccer, raha niatrika lalao ara-pirahalahiana tany Morondava faritra Menabe, tamin'ny faran'ny herinandro teo (sabotsy 21 sy alahady 22 mey 2022), ka nifanandrina tamin'ireo ekipa voafantin'ny Beach Soccer any Morondava dia ny "Séléction Menabe 1" sy ny "Séléction Menabe 2".
Tamin'ny sabotsy 22 mey 2022 dia nisaraka ady sahala 3-3 ny Barea Beach Soccer sy ny Selection Menabe 1.
Tamin'ny alahady 22 mey kosa ny Barea Beach Soccer nandavo ny ekipan'ny Selection Menabe 2 tamin'ny isa 6 – 3.
Marihina fa nikarakara ny hetsika ny fikambanana IO'Renala, notarihan'ny filohany, sady filohan'ny "Commission Football des jeunes FMF", Raharimino Mario Rosario, izay niara-nisalahy tamin'ny DRGS Morondava teo amin'ny lafiny teknika. Tonga nanotrona ny lanonana tany Morondava kosa ny mpikambana eo anivon'ny CE- FMF sady "Présidente de la commission Football feminin FMF", Andriatsimialona Sandrine Michella, sy ny "Président de la commission Beach Soccer FMF», Alex Lay Mein.
Ireto avy ireo mpilalao mandrafitra ny Barea Beach Soccer 2022 :Rafalimanana Jhorialy (GK), Ramanantsoa Rolland Honoré (GK), Domoina Mamy Fabrice (Déf), Rakotomalala Oralando (Déf), Fahad Chocry (Déf), Guemy Olivier (Déf), Randriamampandry Toky Francegal (Mil), Fofo Alexandre (Mil), Rakotoson Anderson (Att), Enidiel Régis (Att), Jismin (Att), Randriamifidy Camara (Att), Pako (Att), Razafimahatratra Flavien (Att).

***Rainilita***



*Beach Soccer 2022 tany Morondava.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Aly

**Hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana ny TIM Frantsa, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eto amintsika. Nanatanteraka TIM Talk, famelabelarana narahana ady hevitra izy ireo, ny faran'ny herinandro teo tany Paris Frantsa.**







**Tsy milamina ny fandaminana fifamoivoizana vaovao, nataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) eny Andohan'Analakely sy Ambohijatovo. Vao tamin'ny 7 ora maraina dia efa nitohana ny fifamoivoizana omaly.**



